SERASERAN'NY TANDAVANALA

Takela-pifandraisana

Harena voajanahary tsara tantana, fiaraha-monina mirindra sy mivoatra

Laharana 12- Oktobra 2013

Eritreritra sendra nandalo

16 Oktobra 2013 : andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo (JMA)

Nankalazaina manerantany ny 16 octobra 2013 ny andro iraisam-pirenena ho an'ny SAKAFO (JMA). Lasa ny saina, mandeha ny eritreritra. Aiza ho aiza tokoa moa ny olana ara-tsakafo eto amintsika, indrindra ho an'ny ankamaroan'ny olona izay ianjadian'ny fahasahiranana eo anoloan'ny fankalazana ny andron'ny sakafo izao sy ny fandaniana mihoa-papana mandritra izao fampielezan-kevitra izao ? Mahatratra hatrany amin'ny 450ar na 500 ariary mihitsy aza ny kapoa-bary amin'ny toerana sasany.

Nanaitra ny mpanoratra ny matoan-dahatsoratra iray nivoaka tao amin'ny gazety iray manao hoe: "Festival de films alementerre", pour une mise en débat des questions liées à l'alimentation"

Entina ifampizarana amin'ity seraseran'ny tandavanala ity izany ka toy izao raha fintinina amin'ny dikateny malalaka ny voalaza tamin'io lahatsoratra io :

Raha nankalazaina manerantany ny andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo, ny hetsika ara horonan-tsary nampitondraina ny lohateny hoe « alementerre » izay nomanina manokana ho amin'izany dia nampisongadina ny olana saro-bahana mahazo ny mponina ka mahakasika indrindra ny ankamaroan'ny malagasy tato anatin'ny taona maromaro izay. Izany dia mitaky fandinihana sy adi-hevitra manodidina ny SAKAFO, ny fambolena ary ny jono eo amin'ny tany manankarena sy ny tany mahantra araka ny fanamarihana nataon'Ingahy Guy Pinault ao amin'ny « ONG l'Homme et l'Environnement » izay mikarakara ny hetsika « Alementerre » sambany natao eto amintsika.

Ny horonantsary voalohany mitondra ny lohateny hoe « Le pain des tropiques », novokarin'i Bernard Simon, dia miresaka ny ady ataon'ireo tantsaha any Haiti amin'ny faharipahan'ny ala, faharatsian'ny tany volena ary ny fiarovana ny sahan-driaka.

Ny horonantsary faharoa kosa izay mitondra ny lohateny hoe : « Nouadhiobou, les poissons ne font pas l'amitié » novokarin'i François Reinhardt dia mampibaribary ny olana eo amin'ny fihenan'ny harena an-dranomasina any Mauritanie. Hita ao anatin'ireo horonan-tsary roa ireo avokoa ny olana ara-tsakafo misy eto amintsika ary saika mahazo ny ankamaroan'ny fianakaviana malagasy indrindra amin'izao fotoana izao.

Ho antsika manamorona ny tandavan'ala manokana, misy ny ezaka iarahana amin'ireo mpamatsy vola ivelany iarahana manatanteraka. Miandalana ny vokatra. Mahatsapa izany angamba ny tsirairay. Ny tanjona dia ny hoe : voaaro ny tontolo iainana, mahavita tena ara tsakafo ny fianakaviana ary afaka mivarotra ny ambim-bava. Koa alao hery , ndeha hiara hiaro ny tontolo iainana izay antoky ny fahazoana vokatra tsara. Alao tahaka ny tsara ataon'ny hafa.

Ra Jo

Manodidina ny 1 000 000 Kilao isa-tsegaondra ny eton'arina mipariaka eny amin'ny habakabaka.
Nandritra ny taona 2012 dia nahatratra 31.7 lavitrisa taonina ny lanjan'ny enton'arina nipariaka teny amin'ny habakabaka.

CMP TANDAVANALA

Enceinte de la Direction Régionale de l'Elevage,
Besorohitra - Fianarantsoa
Tel: 020 75 516 58 034 20 516 58 BP: 1099
Courriel: cmp.fianar@moov.mg
Site web: http://www.tandavanala.org

Kaominina Ankarimbelo: Ny Tandavan'ala sy ny fitrandrahana volamena tsy ara dalàna

Maro ireo faritra hiazakazahan'ny jiolahin'ny tandavan'ala ao amin'ny kaominina Ankarimbelo ka Ivolosy sy Bevomborizaha no be mpitrandraka indrindra. Araka ny fantatra dia vahiny maro avy aty antanan-dehibe no tonga mividy ny vokatra any an-toerana.

Nanao ahoana ary ny fivoaran'izany tao aorian'ny fanesorana ireo mpitrandraka volamena tao anaty ala?

Tamin'ny jolay 2012 dia efa nisy ny hetsika fandroahana ireo mpitrandraka tao anaty ala izay niarahan'ny mpisehatra maro toy ny avy ao amin'ny tontolo iainana sy ala, ireo fikambanana miaro ny tontolo iainana, ny zandary sy miaramila ary ireo mpiara-miombon'antoka hafa. Hita nandritra io hetsika io fa efa maro ny fahasimbana tao anaty ala , ny hazo tapaka, ny tany feno lavadavaka sy feno rano , ny biby mitsoa-ponenana sady vonoina atao sakafo, ny tavy mahazo vahana, ny tandavan'ala mihena andro aman'alina ny velarany ary tsy ho ela dia ahiana ho tapaka tanteraka.

Tsy nahasakana ireo mpitrandraka volamena anefa izany hetsika izany fa vao vita tsy ela akory iny hetsika iny dia niverina tao anaty ala indray izy ireo ka ny teo anelanelan'ny volana febroary sy volana jiona 2013 dia nahatratra hatramin'ny eninjato (600) ireo mpitrandraka tao anaty ala. Nampalalaka ny fiverenan'ny mpitrandraka tao anaty ala ihany koa ny tsy fisiana fidinana ifotony intsony tao aorian'ny fitsirihina. Ny fitsirihan'ala ataon'ny VOI no hany sisa fanaraha-maso izay tsy dia ahitana fahombiazana satria dia tsy sahy miditra ala ireto polisinala noho ny hery tsy mitovy "atody tsy miady amim-bato" hoy ny Ntaolo Malagasy, araka ny vaovao azo mantsy dia hary fitaovam-piadiana ary sahy mandrahona mihitsy ireto mpitrandraka ireto.

Nahitana fihenana kosa anefa izany izany volana jolay ka hatramin'ny septambra izay nihena ho any amin'ny dimapolo ireo olona tavela ao anaty ala araka ny tatitra ataon'ny polisinala , ny vovonan'ny VOI ary ny mpitondra ao antoerana, noho ireto antony vitsivitsy ireto:

•Fitohizan'ny fanentanana ataon'ireo fikambanana maro miasa amin'iny kaominina iny. Nisy ohatra ny fananaovanana fanentanana ara-tontolo iaianana sy fametahana takelaby fandraràna ny fidirana anaty ala

•Fitohizan'ireo tetikasa hanampiana ny mponina

•Fihenan'ny vidin'ny volamena

Toy izao ny fahasimbana misy noho ny fitrandrahana volamena any anaty ala. Ripaka ny ala, mihandrona etsy sy eroa ny rano.

•Fotoana fanenjehana ny voly sy fambolena

•Firoboroboan'ny sehatra hafa toy ny varotra kafe sy vanilla.

Harena manimba harena?

Fitadiavana vola malaky ny fitrandrahana volamena nefa tsy hita mivantana eo amin'ny fiainan'ny olona ny fisian'izany satria ireo mpividy no mahazo tombontsoa.

Araka ny hita dia miha-sahirana ireo tantsaha satria lany fotoana fotsiny amin'ny fitrandrahana ka hadino ny fambolena sy velom-po,

Manomboka hita taratra amin'ny fiainana andavan'andro ny fahasahiranana amin'ny tsy fahampian'ny rano sy fahataran'ny orana, akon'ny fiovaovan'ny toetr'andro ireny izay voka-dratsin'ny faharinganan'ny tandavan'ala.

Mihaikaika ny mponina satria miakatra ny vidin'entaka sy sakafo ary tsy ahitana an'izany eo amin'ny renivohitry ny kaominina fa lasa amidy any anaty ala ny entana: ny vary sy ny kojakoja ilaina andavan'andro

Miha ratsy ihany koa ny vidin'ny kafe satria lasa tsy zarizary ny vokatra .

Aiza ho aiza ny fampandrosoana?

Araka izany dia toa tsy mahasoa antsika ny fitrandrahana ny volamena ao anatin'ny Tandavan'ala satria maro no zavatra simba: voalohany indrindra amin'izany ny ala, ny loharano ary ireo karazan-javamanan'aina hafa monina ao.

Manaraka izany dia toa tsy mampisy fampandrosoana amin'ny Kaominina misy antsika ny fivarotana sy ny fihodikodinany ao amin'ny tsena satria dia ireo olona avy ivelany no tena mahazo tombontsoa aminy.

Olana mipetraka ihany koa ny faharatsian'ny vokam-pambolena satria zary variana any amin'ny fitrandrahana volamena isika ka tsy voakarakara intsony ny famokarana izay antom-pivelomana nandritra ny taona maro nifandimby: ohatra akaiky indrindra amin'izany ny vokatra kafe.

Fiantraikany ratsy eo amin'ny fiainantsika zanak'olombelona ihany koa ny fiovaovan'ny toetr'andro izay miha mahery vaika ankehitriny noho ny fahalanian'ny ala voalaza ho mpandrindra ny toetr'andro.

Raha fintinina dia tsy misy iray izay tsara ny vokatry ny fitrandrahana volamena ao anatin'ny Tandavan'ala, toa fahavoazana ho antsika olombelona daholo koa tsy mahasasatra anay eto amin'ny gazety Seraseran'ny Tandavan'ala ny manentana antsika ny mba hikajiana io sisan'ala tavela io satria antoky ny fampandrosoana sy ny fahavelomana.

Livarson .

Fambolena ara-tekinika ho fanatsarana ny vokatra ho an'ny Kaominin'Ikongo

Efa manomboka ny fambolena ara-teknika izay niofanana sy nampiofanana ireo tantsaha miara-miasa amin'ny ONG Tandavanala ao Ikongo. Voakasik'izany ny fambolembary izay efa mampiasa ketsa tanora sy manara-tsoritra ny tantsaha. Manaraka tekinika ihany koa ny fambolena tsaramaso sy voanjo satria dia tsy eny an-tendrombohitra intsony ireo tantsaha no mamboly azy fa eny amin'ny faritra iva ary efa manao lavaka amin'ny fambolena ireo voa ireo fa tsy toy ny taloha izay mampiasa fitomboka.

Toy ny ao Antsatrana, Ambodiaradihy ary Ambohimahavelo, izay samy ao anatin'ny kaominin'Ikongo ohatra dia efa maro ireo tantsaha mampihatra ny voly vary nohatsaraina.
Nahitana vokatra ihany koa ny fambolena voatabia ary misy ny manaraka antsakany sy andavany ny tekinika nampianarina ka nahazo vokatra tsara tamin'ity taona 2013 ity. Tao amin'ny Fokontany Antsatrana dia ahazoana voatabia 03 kilao ny iray fototra ary misy tokantrano mihoatra ny 30 efa mahazo ambonin'izany. Ny fambolena anana hafa moa dia hita fa efa misy fiantraikany amin'ny fari-piainan'ny tantsaha ka mampidi-bola ho azy ireo. Masomboly petsay iray fonosana dia mety ahazoana vola 50 000 ar (dimy alina ariary) araka ny voalazan'ny tantsaha iray tao Antsatrana . Efa miroso tsikelikely amin'ny fambolena ara-teknika izay faran'ny tsotra ireo tantsaha satria mbola lonaka sy mety daholo ny fambolena atao. Mihena noho izany ny fampiasana ny tavy satria efa mamboly manodidina ny tanàna ireo tantsaha. Amin'izao fotoana izao koa dia efa amporisihina ireo tantsaha mba hanao ny fambolena tsaramaso sy voanjo ho fidiram-bola sy ho sakafo mahavelona. Efa maherin'ny roanjato tokantrano ireo nahazo masomboly avy amin'ny ONG Tandavanala ary efa hita sahady fa ahitambokany izany.

Fambolem-bary ara tekinika ao Antsatrana - Ikongo

Vokatra petsay ao Antsatrana - Ikongo

Ireto ary misy sary azo anehoana ireo voalaza teo

Raha eo amin'ny famokarana zanankazo kosa ao amin'ny taninjanan-kazon'ny ONG Tandavanala ao Antsatrana dia efa ahitana zana-jirofo miisa eo amin'ny 400 eo, acacia eo amin'ny 3000 isa eo ary misy bonara eo amin'ny 2000 eo ho eo.
Ireo hazo efa novolena eny ifotony dia nahatratra 11 100 fototra ary saika naniry avokoa ka ka hatramin'ny 60% ny tahampitsiriany.

Rija
SO ikongo

Vaovao Tapatapany

Fitsidihana arahina fifanakalozana traikefa nataon'ny ONG Tandavanala - faritra Vatovavy Fitovinany sy Atsimo Atsinanana

Tontosa ny faha 18 ka hatramin'ny faha 20 septambra 2013 ny fitsidihana arahina fifanakalozana traikefa nataon'ny ekipan'ny ONG Tandavanala tany amin'ny distrikan'ny Manakara sy Farafangana iny. Ny mahakasika ny fampanjariana ara-tsakafo sy ny fanatsaràna ny velompon'ireo tsantsaha moa no tena niompanan'ity fifanakalozana ity.

Notsidihana tamin'izany ny Groupe Akesson tao Analavory Manakara izay fantatra amin'ny famokarana sy fanondranana kafe, famokarana jirofo, dipoavatra, kanelina ary ylang ylang.
Notohizana tany amin'ireo Kaominina vitsivitsy iasan'ny Land O'lakes ao amin'ny distrikan'ny Manakara sy Farafangana. Notsidihina ireo fikambanana miara –miasa amin'ny Land O'Lakes izay misehatra amin'ny fambolembary ara tekinika, fambolena anana sy legioma, ny fambolena tsaramaso sy mangahazo ara-teknika ary ny fifampindramam-bola antsoina hoe VSL (Village Saving Lown). Notsidihina ihany koa ny tohadrano tao Maropanahy ho fanatsarana ny vokatry ny fambolena izay napetraky ny Land O'lakes ka novatsian'ny USAID (Sampana Amerikana misahana ny fampandrosoana).

Fampanjariana ara –tsakafo

Amin'ireo toerana iasan'ny ONG Tandavanala any amin'ny distrikan'Ikongo dia efa nanomboka ny fampanjariana ara-tsakafo sy ny fanatsaràna ny velompon'ny eny ambanivohitra. Mbola mila ezaka anefa izany ka izany no antony nanaovana izao fifanakalozana izao mba ahafahana manitsy ny tsy nety sy manatsara ary manohy ny asa efa nahitam-pahombiazana.

Famato A.

Ivon-toeram-panabeazana sy fifanakalozana ho an'ny vehivavy ao amin'ny kaominina Ambolomadinika

Anisan'ireo tanjona lehibe amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa fiahiana ara-tsakafo izay sahanin'ny ONG Tandavanala ny fananganana ivon-toerana ao amin'ny Kaominina Ambolomadika, Distrikan'Ikongo ka iarahamiasa indrindra amin'ireo Vondron'Olona Ifotony sy ny fikambanam-behivavy ao an-toerana. Araka izany dia natomboka tamin'ny fiantombohan'ny volana Aogositra ny asa fananganana.

Eo an-dalam-pamaranana ny ivon-toerana ho an'ny vehivavy ao Ambolomadinika

Ho fanatsarana ny farim-piainan'ny mponina

Tanjona amin'ny fananganana ity ivon-toerana ity ny mba hahafahan'ireo vehivavy mifanakalo hevitra sy traik'efa ary mifampiofana amin'ny sehatr'asa maro toy ny resaka nahandro, zaitra, asa tanàna samihafa. Ny fahalalana azo mandritra ny fifanakalozana sy ny fifampiofanana indray avy eo no entina hanatsarana ny farim-piainana isan-tokantrano mba hisian'ny fampanjariana ara-tsakafo.

Vehivavy miaro ny tontolo iainana sy ny tandavan'ala

Ny ankamaroany amin'ireo vehivahy hanabe voho ity ivon-toerana ity dia vehivavy avy amin'ireo VOI efa niara-niasa tamin'ny ONG hatramin'ny fiantombohan'ny tetikasa FANJARIANA ARA-TSAKAFO ary efa nanaraka ny fiofanana mahandro tamin'ny Oktobra 2012 tao Ambolomadinika ka nahatsangana fikambanam-behivavy isan-tanàna.

«Izay mitambatra vato»

Rehefa misy asa fanoreanana toy itony moa dia misy hatrany ny anjara birikin'ny mpahazo tombotsoa. Hita ho mavitrika sy tsy mifampiandriandry ireo vehivavy ireo amin'ny famitana ny anjarany izay misahana indrindra ny fitaterana ny vato sy ny fasika. Efa saika nahavita ny anjara asany daholo ny isam-pikambanana.

Niaina
SO Ambolomadinika

Kaominina Ankarimbelo Akon'ny fanaovana fitsirihina atiala

Mizara roa ny fitsirihana izay indraiketana hatramin'ny nametrahana ny "Chef Secteur" tamin'ity taona 2013 ity:

•Ny "contrôle" na "patrouille communautaire" izay tanterahin'ireo polisin'ala indroa isam-bolana izay hanaovan'izy ireo tatitra momba ny familavilana ny zavamanan'aina ao amin'ny Tandavan'ala
•Ny faharoa kosa dia ny "contrôle de brigade mixte" izay iarahana amin'ireo Sampan-draharahampanjakana toy ny : avy ao amin'ny Tontolo Iaianana sy Ala, ny Fananan-tany, ny Harena ankibon'ny Tany, ny Zandary na Miaramila ary ny solontenan'ny Vondron'Olona Ifotony.

Raha ny secteur Ikongo Atsimo manokana dia "contrôle" iray no vita tamin'ny volana avrily 2013 izay niainga tao amin'ny Kaominina Ambohimahamasina – Distrikan'Ambalavao ka hatrany Tsianivoha Ambolomadinika Distrikan'Ikongo. Araka ny fitsirihina natao ary dia ato anatin'ity kaominina ity no anisan'ny misy tsindry maro indrindra satria ankoatry ny fitrandrahana volamena dia:

•Manomboka miverina mipetraka ao anaty ala indray ireo izay efa nesorina tao amin'ny faritra Maromandia sy Tanambao ka mampitombo tavy sy fambolena amin'ny faritr'ala mainty
•Mbola maro ny manao tavy sy fambolena nentimpaharazana
•Mitombo ny isan'ny mponina ka tsy mahavelona ny asa fambolena na tsy ampy ny vokatra. Vokatr'izany dia lasa mirona ao anaty ala ny mponina ary manitatra ny fambolena ao anaty ala.

Livarison

Ny fihenan'ny Faritra rakotra ala eto Madagasikara

Toy izao hitantsika amin'ny sary izao ny fivoaran'ny ala atsinanan'i Madagasikara: raha mbola natevina dia natevina izy tamin'ny taona 1950 dia hita fa efa miha manify isan-taona.

Maro ny tsindry mianjady amin'ireo harena voajanahary. Anisan'izany ny faharipahan'ny ala. Tsapa mantsy fa tena nihena tokoa ny faritra rakotra ala teto madagasikara hatramin'ny 50 taona lasa izay. Araka ny voalazan'ny teo anivon'ny Office National pour l'Environnement dia voasokajy ao anatin'ny firenena manana tahan'ny fandripahana ala be indrindra i Madagasikara.

Nisy ny fiarahamiasan'ny Foibem-pirenena misahana ny Tontolo Iainana na ny ONE, ny Direction Generale des forêts DGF, ny Madagascar National Parks ary ny Foiben-Tao-tsaritanin'I Madagasikara nanaovana fikarohana momba ny fivoaran'ny faritra rakotr'ala eto madagasikara. Tamin'ny alalan'ny sary azo avy amin'ny zana-bolana sy ireo antotan-kevitra efa nisy hatrizay dia nampisehoana an-tsary ny fiovan'ny faritra rakotr'ala voajanahary tao anelanelan'ny taona 2005 sy 2010.

Tamin'ny taona 2005 dia tany ho any amin'ny 9 401 137 Ha any velaran'ny ala voajanahary teto madagasikara, nidina io tarehimarika io ka nihena ho 9 220 040 Ha tamin'ny taona 2010.
Somary nisy fihenana kely ny faharipahan'ny ala teto Madagasikara teo anelanelan'ny taona 2005 ka hatramin'ny 2010 raha oharina tamin'ny 1990 ka hatramin'ny 2005 satria teo anelanelan'ny 2005 sy 2010 dia teo ho eo amin'ny 180 000Ha eo ny velaran'ny ala voajanahary ringana teto Madagasikara, izany hoe 36 000 Ha isan-taona. Teo anelanelan'ny taona 1990 sy 2005 kosa indray dia nahatratra 1 400 000 Ha no ala ringana izany hoe 93 000 Ha isan-taona.

Ho an'ny Tandavan'ala Ambositra - Vondrozo

Raha ny tandavan'ala ambositra-Vondrozo, ny taona 1995 dia nanana velarana 540 000 Ha, noho ireo tsindry sy filàna tsy am-piheverana anefa dia 450 000 Ha no sisa, izany hoe ringana ny 90 000 Ha tao anatin'ny folo taona, izany hoe 10 000 Ha isan-taona.
Ny tarehimarika voaray farany tamin'ny taona 2012 kosa dia 290 281 Ha sisa no velaran'io Tandavan'ala Ambositra-Vondrozo io.
Ny ala any amin'ny faritra iva no tena lasibatra amin'ny fandripahana mihoatra amin'ny any amin'ny faritra avo: 0,5% isan-taona ny tahan'ny faharipàhana.

Noho ireo ezaka maro izay nentin'ny ireo mpisehatra ara tontolo iainana amin'ny fiarovana io atiala io dia nihena ny tahan'ny faharipahana; ka raha nahatratra 2% izany tamin'ny 1995 dia nidina ho 0,84% tamin'ny taona 2000 ary 0,17% ny taona 2000 ka hatramin'ny 2005.
NIakatra kosa anefa izany taha izany teo anelanelan'ny taona 2005 sy ny 2012 satria dia nahatratra 159 719 Ha ny ala ripaka nandritra ny fito taona izany hoe 22 817 Ha isan-taona.

Source: ONE, DGF, FTM – nangonin'i Famato A.

Fiofanana mahandro

1-Voalohany indrindra dia misaotra an'Andriamanitra
Zay avo fitoerana monina an-tampon'ny lanitra
Nanatanteraka ny fotoana sy nandavorary
Tsy ny hery na soa vintantsika fa fitanhianjanahary
2-Misaotra ny mpikambana izay tonga maro
Izay namaly ny antso ka ny Tompo miaro
Sokafana ny fotoana amin'ny fomba ofisialy
Hoy ity manoloana ny Maire kaominaly
3-Faly izahay raisina am-panajana
Fa ny maire-nay nanofahofa Tanana
Fa indrindra ny mpafiofana dia Madama Lala
'Zay ramatoa mavitrika ao amin'ny CMP Tandavanala
4-Ny antondiany aty hampiofana mahandro
Anay VOI anatin'ny roa andro
Notarihin-dRamatoa Ravololoniaina
Ny fomba hahazaoana an'ireo otrikaina
5-Natao ny "presentation napetraka ny baditra
Kay misy avy ao Fort-Carnot misy VOI AVOTRA
Dia mbola misy koa ny SAMBATRA sy TARATRA
Ka tonga daholo ireo atsimo sy avaratra
6-Dia natao sy fepetra fa tonga ny amin'ny folo
Ka isika rehetra dia samy kinga daholo
Aza misy mifampiandry amin'ny baiko izay voalaza
Fa tsy zoky na zandriny na ny mpampiofana aza
7-Dia hiroso ary isika amin'ireto soritr'asa
Ka ny tanjona kendrena mba tsy hamerina ny lasa
Fa misy karazany enina lehibe ny hery omen'ilay sakafo
Avy amin'ny fambolena fa tsy vidina lafo
8-Maro karazana ny fandrahoana toy ny lasary sy saosy
Tonga dia mampiasa fotsiny ianao amin'ny laisoa sy karaoty
Mbola eo koa ny kajaha sy voanjokatra voatoto
Nahodikodin'I Madama ka tena tsara hoe ny mofo
9-Azo atao lay kônfitira mananasy sy siramamy
Andrahoina sy afangaro ao anaty vilany
Ka arotsaka izy ireo, haroharoina sy saromana
Ka rehefa masaka dia tsy mampalain-komana
10-Tsy zava-poana izy ity
Hoantsika VOI
Fa mba hialana amin'ny tevy ala
Hoan'ny faritra antanala
11-Miala tsiny raha miresaka
Amin'ny hetaheta izay napetraka
Ka manao veloma manirery
Hoy ny mpanoratra Rasolohery (EMILE)
12-Ô ry tanora sy raiamandreny
Izay miatrim-pivoriana ombieny ombieny
Tanteraho ny adidy rehefa tonga any
Ka mba itondrao ny zaza sy ny reny
13-Miala tsiny re ry Rija na dia faranteny
Fa izaho ty mpandrindra dia vao mianatra miteny
Fa ianao no nitatitra ireo voyageur
Ny naharitra amin'ny farany ihany no novonjena
14-Isaorana ny foibe CMP Tandavanala
Izay miahy tsy matory ny zava-boahary sy ny ala
Ka manantena isanandro ny vondron'olona tanala
Izay mbola maizim-be ka tsy mbola mahalala

RASOLOHERY Emile - VOI Sambatra
Antarehimmy- CR AMBOLOMADINIKA

Tetikasa fampihenana ny enton'arina vokatry ny fandripahana sy ny fandringanana ny ala

Notanterahina tamin'ny herinandron'ny 13 Jolay 2013 tao Andranomiditra, Ampatsy, Ranomena ary tao Vinanitelo izay samy ao anatin' ny Secteur Vohibato ny fampaha-fantarana ny tetik' asa : «Fampihenana ny fiparitahan' ny enton'arina vokatry ny fandripahana sy ny faharinganan' ny ala». Antsoina ihany koa hoe Projet REDD + COFAV».

Ny tetik' asa REDD+ dia tanterahina aty amin' ny tapany avaratra amin' ny tandavan' Ala Ambositra – Vondrozo : any Ambinanindrano Distrikan'Ambositra ny farany Avaratra ary aty Vohimary Atsimo Distrikan'i Vondrozo ny farany Atsimo.

Ny tetikasa REDD+

Ny tetikasa REDD+ dia azo lazaina tsotra amin'ny fahafahan' ny ala mitroka ny enton'arina izay sandaina

Fampiofanana ireo Vondron'Olona Ifotony ho fampahafantarana ny tetik'asa REDD+ tao Andranomiditra

vola avy amin' ireo orin'asa goavana any ampitan- dranomasina izay tena mpandoto ny tontolo iainana. Ireo vola ireo indray no entina manantanteraka tetik'asa madinika hanatsarana ny farim-pianan'ireo Vondron'Olona eny Ifotony izay mitantana sy mampitombo ny atiala.

Naseho tamin' ny alalan' ny sary ny fampiofanana sy fampahafantarana ny Vondron' olona ifotony ny tetik'asa. Izy ireo izay nofanina ho lasa mpitondra hafatra indray amin' ireo mpiara- monina aminy, ka hampahafantatra ny tetik' asa.

Noresahina nandritra ny fampaha-fantarana sy fampiofanana ny tanjon' ny tetik' asa dia ny fiarovana ny ala mba ho afaka hitroka ny enton' arina sy ny fiarovana ny voajanahary na ny biodiversité ary indrindra ny fanatsarana ny faripiainan' ny mponina eny ifotony amin' ny lafiny sosialy, ekonomika, ary koltoraly.:
Navoitra ihany koa fa adidy sy andraikitry ny Vondron' olona ifotony ny miaro ny ala ary miezaka amin' ny fomba rehetra hisian' ny filaminana ao anaty fikambanana. Ny zon'izy ireo kosa dia ny mahazo ny tombontsoa avy amin' ny tetik' asa toy ny famatsiam- bola hanatanterahana tetik' asa madinika (fiompiana, fambolena) ankoatry ny tombontsoa mivantana azo avy amin' ny fitantanana ny ala.

Ezahina ny mitady ny fomba rehetra ahazoan' ny vondron' olona ifotony manatsara ny fiarovana sy ny fitantanana ny ala. Valiana araka izay tratra ireo hetahetan' ny VOI voasoratra ao anatin' ny kahie fandraisana ny hetaheta sy ny tsikera na ny "cahier de doléance".

Ny fahampafantarana sy ny fampiofanana dia notanterahina tamin'ireo Kaominina manamorona ny Tandavan' ala Ambositra Vondrozo izay hanatanterahina ny tetik' asa.

Germain R.
Secteur Vohibato

Fanamboarana fatana mitsitsy

Ireto daholo ireo taharo ilaina amin'ny fanamboarana fatana mitsitsy
1 - Lavenona efa voasivana, tsy misy fasika (Tapaky ny siô)
2 - Tany mena efa voasivana tsy misy vato sy fasika (1 siô)
3 - Mololo roa fehezan-tànana efa voatapatapaka madinika 5 sm
4 - Tany manga mando, tsy misy vato sy fasika (1 siô)
5 - Rano 3 zinga na tapaky ny siô

1.Ampifangaroana ny tany manga, ny tany mena, ny lavenona ary ny mololo efa voatapatapaka tsara.

2.Rehefa mifangaro tsara dia asiana rano tsikelikely

3.Hitsakitsahina mba hifangaro tsara ny akora rehetra

4.Volavolaina ny akora haka endrika toy ny mofo dipaina fohy

5.Maka vilany iray, ary arafitra manodidina azy ny fotaka efa voavolavola. Tsara raha 15 sm ny haavony aloha, asiana endrika toy ny varavarana ka ny tananào 2 no atao refiny.

6. Esorina ny vilany ka asiana bararata 2, atao mahitsy tsara mifanandrify amin'ny varavarana. Atao ho fivoahan'ny setroka

7. Tohizana ny fandrafetana ary asiana tongony 3 tokony ho 20 sm ny haavony hipetraha'ny vilany. Tohizana 10 sm miala ny tongony ny haavony fandrafetana

8. Rehefa vita rafitra tsara ny fatana dia esorina amin'izay ny bararata 2 natao hivoahan'ny setroka dia alamaina tsara ny manodidina

9. Rehefa vita ny fatana dia apetraka amin'ny toerana maloka mandritra ny folo andro mba ho maina tsara izay vao azo ampiasaina.

Andao indray hilalalao!

Ity indray ary no kilalaontsika amin'ity gazety seraseran'ny Tandavanala laharana faha 12 ity.
Araka ny hitantsika eo amin'ny sary dia misy vorona kely very io ary maniry mafy ny hody. Ao anatin'io hazo io no misy ilay trano bongony ka mba mangataka fanampiana amintsika izy mba hanoro ny lalana tokony halehany mba hahatongavany amin'io hazo io. Mandraisa penina ary dia mba ampio io voron-kely io e!

Dia mazotoa milalao



Kajio ny ala satria toeram-ponenan'ny biby sy ireo karazan-javamanan'aina hafa izy ireny!

Takelaka Fifandraisana Seraseran'ny Tandavanala

Talen'ny Famoahana
Sylvain Andriarimalala
Tonian-dahatsoratra
Joharison Ndriamboavonjy

Mpanoratra
Nivo Raholimalala
Ravololoniaina Marie Juliette
Etienne Razafindraboto
Mamy Fidelis Rakotoarivelo
Rivoalimanitra Miora
Raonimahandry Rija Pascal
Rasolondraibe Joseph
Andriamananjara Herimampianto
Famato Andriamampihatona
Livarison Fanomezantsoa
Razafindrakoto Germain
Mpandrindra
Manantsoa Tiana
Natonta
SNIC Ankorondrano
Isan'ny natonta : 5 000

Ny Ravinala

Ity hazo ity indray no ampahafantarina antsika amin'ity gazety laharana faha 12 ity.
Ravinala no anarany. «*Ravenala Madagascariensis*» no iantsoana azy ara-tsiantifika. Eto Madagasikara ihany no fiaviany sy ahitana ity hazo ity saingy taty aoriana dia misy zaridainan-javaboary maromaro eto an-tany nambolena azy koa, toy ny any Maorisy, Congo, Hawaï, Thaïlande ary any Chine.
Avo ity hazo ity satria dia mety hahatratra 20 metatra any ho any. Tena mety aminy ny toerana mandomando ka any amin'ny faritra atsinanan'i Madagasikara iny no tena betsaka azy. Haingam-paniry izy amin'ny toerana nisy ala voajanahary teo aloha izany hoe toerana nisy ala voajanahary ka tapaka na may.
Afaka anaovana trano ity hazo ity: ny raviny atao tafo, ny tahony dia anaovana ny rindrina, ary ny vatany kosa dia afaka anaovana rapaka ka ampiasaina amin'ny gorodona na ampiasaina amin'ny zavatra hafa.
"Arbre du voyageur" no anaran'ity hazo ity amin'ny fiteny frantsay, izany hoe hazon'ny mpandeha noho izy mitahiry rano ao anelanelan'ireo tahony. Raha vakiana ny tahony iray dia mety azahoana rano iray litatra.

Ity hazo ity dia marika ahafantarana indrindra an'i Madagasikara.